Azo alaina ao amin'ny
www.jw.org/mg ity PDF ity

I Josefa Tany Ejipta

GENESISY TOKO 39-40

NANDEHA NANDRITRA NY ANDRO MAROMARO I JOSEFA REHEFA AVY NAMIDIN'NY RAHALAHINY. **TONGA TANY EJIPTA IZY TAMIN'NY FARANY.**

HOVIDINAO IHANY VE IZY RY **POTIFARA?** SA AHOANA?

MBOLA **TANORA** KOSA IZY AN, SADY **MATANJAKA!** IE, HOVIDIKO KA!

NIASA TAO AN-TRANON'I POTIFARA I JOSEFA ARY NOTAHIN'I JEHOVAH DAHOLO IZAY NATAONY...

TSARA NY ASANAO JOSEFA A!

MISAOTRA TOMPOKO! I **JEHOVAH** ANDRIAMANITRO NO MANAMPY AHY.

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

NANOMBOKA NAHAMARIKA AN'I JOSEFA KOA ANEFA NY **VADIN'I POTIFARA.**

TENA **MIASA TSARA** IANAO JOSEFA A! LASA **NOTAHIN'NY ANDRIAMANITRAO NY ANKOHONAKO** HATRAMIN'IZAY NIASANAO TATO IZAY.

MANOMBOKA IZAO, DIA **ANKINIKO AMINAO DAHOLO** NY ZAVA-DREHETRA ATO AN-TRANOKO SY ANY AN-TSAHA.

TSARA BIKA KOSA IZY AN...

NISY ZAVATRA NOLAZAIN'NY VADIN'I POTIFARA TAMIN'I JOSEFA **ISAN'ANDRO...**

AVIA **HANAO FIRAISANA** AMIKO.

AN AN AN! EFA NANKININ'NY VADINAO TAMIKO DAHOLO NY **FANANANY REHETRA.** IANAO ANEFA **VADINY,** KA **TSY AFAKA** MANAO FIRAISANA AMINAO AHO. **FAHOTANA** AMIN' ANDRIAMANITRA IZANY!

I JOSEFA IRERY NO TAO AN-TRANON'I POTIFARA, INDRAY MANDEHA...

AVIA **HANAO FIRAISANA** AMIKO!

AN AN AN! AVELAO AHO HANDEHA!

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

REHEFA NODY I POTIFARA, DIA NANDAINGA TAMINY NY VADINY.

... DIA SAIKA **HANAO FIRAISANA** TAMIKO I JOSEFA. **NIKIAKIAKA** ANEFA AHO, KA NAVELANY TETO NY AKANJONY DIA **NANDOSITRA** IZY.

TSY MAINTSY **SAZINA** I JOSEFA!

NASAIN'I POTIFARA NAMPIDIRINA TAO **AM-PONJA** I JOSEFA...

NIKARAKARA AN'I JOSEFA FOANA ANEFA I JEHOVAH.

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

INDRAY MANDEHA I JOSEFA DIA NIHAONA TAMIN'NY GADRA ROA MPIASAN'I **FARAO,** MPANJAKAN'I EJIPTA.

FA MANINONA 'NAREO NO **MALAHELO** ANDROANY?

NANONOFY IZAHAY.

NEFA TSISY MAHAY NY DIKAN'NY NOFINAY.

NAHITA **SAMPAM-BOALOBOKA TELO** MISY **VOANY** AHO. DIA NOFIAZAKO TAO ANATY **KAOPIN'I FARAO** IREO VOALOBOKA ARY NATOLOTRO AZY.

AFAKA MANAMPY ANAREO HAHAFANTATRA NY DIKAN'NY NOFINAREO **ANDRIAMANITRA.** MBA **LAZAO AHY** HOE NY NOFINAREO!

IZAHO INDRAY NANONOFY HOE NILOLOHA **HARONA TELO** FENO MOFO. DIA **NOHANIN'NY VORONA NY SAKAFON'I FARAO** TAO AMIN'ILAY HARONA AMBONY INDRINDRA.

IZAO NO DIKAN'NY NOFINAO: **HIVERINA HIASA HO AN'I FARAO INDRAY IANAO,** REHEFA AFAKA **TELO ANDRO.** MBA **TSAROVY AHO** REHEFA TANTERAKA IZANY, ARY MBA RESAHO ANY AMIN'I FARAO NY MOMBA AHY. NALAINA AN-KERINY ANGE AHO E! SADY TSY TOKONY HO ATỲ AM-PONJA MIHITSY!

IZAO NO DIKAN'IZANY: **HOVONOIN'I** FARAO IANAO REHEFA AFAKA **TELO ANDRO.**

NANKALAZA NY FITSINGERENAN'NY ANDRO NAHATERAHANY I FARAO, **TELO ANDRO TAORIAN'IZAY.** NASAINY **HIASA HO AZY INDRAY** ILAY GADRA VOALOHANY, FA ILAY FAHAROA KOSA **NOVONOINY.**

NANDEHA TENY NY **FOTOANA...** ARY **MBOLA TSY NIRESAKA** NY MOMBA AN'I JOSEFA TAMIN'I FARAO IHANY ILAY GADRA TSY NOVONOINA. NANADINO AN'I JOSEFA VE ANEFA I **JEHOVAH?** HO **TAFAVOAKA** AVY AO AM-PONJA IHANY VE I JOSEFA? HO HITANTSIKA AO AMIN'NY TANTARA AN-TSARY MANARAKA HOE AHOANA NO NAHAFAHAN'I JOSEFA NAMONJY NY **FIANAKAVIANY** SY NY **FIRENENA IRAY.**

INONA NO IANARANTSIKA AVY AMIN'I JOSEFA, TAMIN'IZY TANY EJIPTA?

NAHOANA I JOSEFA NO **NANKATÒ** AN'I JEHOVAH NA DIA **LAVITRY** NY FIANAKAVIANY AZA?
OHABOLANA 15:3.

NAHOANA I JOSEFA NO **NANDOSITRA** REHEFA NITARIKA AZY HANOTA NY VADIN'I POTIFARA?
GENESISY 39:9.

INONA NO TOKONY **HOTADIDINTSIKA** REHEFA **MAHOMBY IZAY ATAONTSIKA** NA **MAHAY ZAVATRA** ISIKA?
GENESISY 39:3, 23;
1 KORINTIANINA 4:7.

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania